ALAHADY NY NISEHOAN'NY TOMPO na EPIFANIA



" Izao tontolo izao no irin'Andriamanitra ho Eglizy fianakaviany "

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny fankalazana ny Noely isika, Andriamanitra eo anivontsika, Andriamanitra miseho amintsika. TSY ANDRIAMANITRA LAVITRA NY ANDRIAMANITSIKA. Ary Izy Andriamanitra no misahirana noho ny fitiavana ka manaiky hitoetra eto anivontsika. Andriamanitra miara-monina amintsika no Andriamanitsika. Mibaribary izany amin'izao Alahady ny Epifania izao. Izao Alahady izao tokoa no hankalazantsika ny nisehoan'ny Tompo. Mbola anatin'ny Noely izany izao alahady izao. Niseho tamin'izay vonona handray Azy izy Tompo. Raha mandinika isika dia ireo feno faniriana ka nitady Azy nefa raha ny tena marina Izy Tompo araka ny voalazantsika no misahirana. Tonga izy ho an'izay feno fahamarinana, fanentren-tena sy fahatsoram-po, toa an' i Maria, Josefa ka zary fianakaviana voafidy hiainany ny maha-olombelona Azy ary torak'izany koa ireo mpiandry ondry nanambaran'ny anjely fa misy zaza teraka ao Betlehema, ny anarany atao hoe Emanoela : Andriamanitra eto amintsika. Fa ireo mpiavonavona kosa dia tsy afaka nandray azy, hitantsika ireo mpandray vahiny nilaza fa tsy nisy toerana ho azy ireo tao an-trano, tahaka an'I Heroda izay namono ny zaza tsy manantsiny. Toetrantsika olombelona izany, vokatry ny avonavona dia mifody ny fontsika ka tsy afaka mandray izay tena fahasambarana.

Vakiteny I : Iz. 60, 1-6
Tononkira : Salamo 71
Vakiteny II : Efezianina 3, 2-3a. 5-6
Evanjely : Mt. 2, 1-12

Amin'izao Alahady ankalazantsika an'I Jesoa eo anivontsika izao dia mampibaribary fa tsy ny vahoakan'Andriamanitra fotsiny no tadiaviny sy irin'Andriamanitra ho fianakaviany, ho olona Araiky ao aminy, ho Fratelli Tutti, ho Mpiray tampo fa izao tontolo izao. Izany no ambaran'Izaia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany : *"Mitsangàna, ka mamirapirata, ry Jerosalema, fa miposaka ny fahazavanao; ary miposaka eo aminao ny fahazavan'ny Tompo. Indro ny haizina fa manarona ny tany, ary ny haizim-pito manarona ny firenena; fa ny Tompo kosa no miposaka eo aminao; ary ny voninahiny miseho eo aminao. Mandroso eo amin'ny fahazavanao ny firenena ary ho eo amin'ny famirapiratan'ny fiposahanao ny mpanjaka. "* Jerosalema tanàna masina, tanànam-piadanana, Jerosalema vaovao izay hitondra fiadanana vaovao ho antsika ka enga anie ny fankalazantsika ny Epifania izao hanampy antsika hiombona bebe kokoa amin'Andriamanitra sy ao amin'i Jesoa. Izany no ambaran'ireo Majy izay avy any atsinanana namakivaky ny firenena maro ho an'ny Betlehema hitsaoka ny zanak'Andriamanitra.

Azo lazaina fa io voalazan'Izaia io no antenaintsika vokatr'izao sinaody izao. Miara-dalana isika, miara-mivavaka, miara-mandinika entanin'ny Fanahy Masina ka mihamazava ny fiainantsika izay tao anatin'ny haizina. Inona moa ny atao hoe "fiainana mazava, fiainana ao anatin'ny fiadana". Tsy inona fa noho ny fandraisantsika ny Tompo eo anivon'ny fiainantsika sy ivon'ny fiainantsika dia miova ny fifandraisantsika telo mandrafitra ny mahaolona izay potika ankehitriny. Tsy inona izany fa ny fifandraisantsika amin'ny zava-boaary toa izay ho mpifahavalo ka mandripaka ny ala dia zary "mpihavana" ka isika olombelona mikolokolo sy miaro ny zava-boary dia izy zava-boaary mamelona antsika sy mpiaro. Torak'izany koa isika mivelona ny fihavanana sady kristianina no Malagasy ilay fihavanana nampianarin'I Kristy ka mahatonga antsika ho MPIRAY TAMPO, HO FRATELLI TUTTI, HO OLO ARAIKY ISIKA JIABY. Zary FIANAKAVIAMBEN'ANDRIAMANITRA isika ka midera sy mankalaza Azy. Marina tokoa ny fianakaviana mifankatia no paradisa.

Tohizantsika ny fibanjinina izao fetin'ny Epifania izay noelintsika olombelona eran-tany. Ny fampianarana azontsika tsoahina manaraka ireo voalazana ireo dia tsy ampy raha ny ezaka ataontsika fotsiny, ilaina ny ezaka, mila angovo sy fahaizana ny fandalinam-pinoana fa ny tena ilaina dia ny fitsilovan'ny Fanahy Masina, izay no ambaran'ilay kintana manoro làlana ireo majy. Mikatroka ny sinaody isika. Fantaro fa tsy asantsika olombelona fotsiny no ataontsika. Tsy manao "atelier" na atrik'asa isika. Tsy araka ny hevitr'izao tontolo izao no entintsika miatrika ny fifampitraofantsika fa mila ny fitsilovan'ny Fanahy masina isika, matetika isika mihevitra fa araky ny famakiana ny tenin'Andriamanitra sy ny ezaka ataontsika dia efa ampy amin'ny firaisam-po amin'Andriamanitra. Ilaina ireny ary mampirisika ny fianakaviana rehetra mba hanana Baiboly isantonkatrano sy hamaky ny tenin'Andriamanitra miaraka fa raha tena te hahita ny lalan-kombàna isika dia ekeo ny fitsilovan'ny Fanahy Masina. Izany hoe mila mivavaka isika. Mila mihaino.

Nanaiky notarihin'ny kintana ireo majy ka tonga tao Jerosalema, nanontany an'i Heroda izy ireo " *"Aiza ilay Mpanjakan'ny Jody vao teraka? fa efa nahita ny kintany tany Atsinanana izahay, ka nankaty mba hitsaoka Azy"., " Dia nalain'i Herôda mangingina ny Majy, ka nohadihadîny fatratra ny andro nisehoan'ny kintana taminy. Ary naniraka azy ho any Betilehema izy nanao hoe:"Andeha ka fotopotory tsara ny amin'ilay Zaza; ary rehefa hitanareo, dia ilazao aho mba hankanesako any koa hitsaoka Azy"*. Aza matoky ny olona maro samihafa isika fa matokia ny fitsilovan'ny Fanahy Masina, ny fampianaran'ny Eglizy, izany no maha katolika antsika. Atoron'ny Eglizy antsika ny lalan-kombàna.

Heroda nametraka fanontaniana satria efa nisy kendry hafa izy fa ireo majy kosa nitsolovan'ny Fanahy Masina rehefa tonga tao Betlehema ka tsy voafitaky Heroda intsony. Tsy niverina ireo majy fa nanohy ny lalany nody. "*Ary rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy ireo tsy hiverina any amin'i Herôda, dia lalan-kafa no nalehany nody ho any amin'ny fonenany."*

I Heroda azo lazaina fa manambara an'izao tontolo mpanjakazaka, mpamono olona, feno fanontaniana izy nefa tsy ny fahavonona hibebaka ny fanontaniany fa noho ny fony feno fialonana sy avonavona, fitiavan-tena. Mbola manjaka izany amin'izao vanim-potoantsika izao. Ireo majy kosa nibebaka satria tsy nanaraka ny torohevitr'I Heroda fa nanaraka ny kintana ka nahita ny zanak'Andriamanitra. Fampianarana lalina ho antsika izany. Mila safidy ny fiainana. Aoka tsy voafitak' ireo " mpanonofy" maro atolotr'izao tontolo izao ka very. Anisan'izany ny zava-~~madomely~~ zava-mahadomelina izay tena "Heroda" tokoa.

Milaza I Matio ao amin'ny Evanjely fa faly dia faly ireo majy nahita ny kintana ka rehefa niditra tao antranon'omby izy ireo dia nahita an'I Maria sy Josefa ary I Jesoa zazakely ka niankohoka nitsaoka azy. Hafaliana tokoa rehefa mihaona amin'I Jesoa. Enga anie hahita hafaliana mandrakariva isika ny mankalaza ny Eokaristia satria fihaonana amin'i Jesoa.

Ahoana ny hahafantarana fa mihaona amin'I Jesoa ? Mahita ny asan'ny Fanahy Masina isika rehefa feno hafaliana sy haravoana. "Mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo" hoy I Md Paoly ao amin'ny taratasiny ho an'ny Filipianina. Hafaliana sy fiadanana no niainan'ireo majy raha nahita an'I Jesoa izy ireo ilay fampanantenaina amin'ny hiran'ny voninahitra ataontsika "voninahitra, voninahitra fiadanana eto an-tany e, handeha isika hitsaoka izany mpamonjy vao teraka, izy ilay nandrasana.

Ny critère faharoa fa tena nifanojo amin'I Jesoa isika dia isika mahafoy. Nahafoy ny tena sarobidy tamin'izy ireo ny majy, ny volamena manambara ny maha mpanjaka, ny emboka masina manambara ny maha Andriamanitra ary ny mira manambara ny fahambonian'olona rehefa tonga ny fahafatesana. Manambara fahafoizana izany rehetra izany, nahita Andriamanitra izy ireo, henontsika izany tamin'ny tantaran'ny Zake, Abrahama, Paoly samy mahafoy, izay manambara ny fiombonana amin'Andriamanitra, manolotra izay sarobidy aminao amin'Andriamanitra izany ny fiainana maha Kristianina antsika.

Enga anie amin'izao fivelomantsika ny SINAODY ~~izao~~ ka ho EOV MIARA-DIA HO OLO VELONA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY IRAKA TABERNAKLA VELONA. Tsy ho tanteraka izany raha tsy vonona isika hahafoy tahaka an'ireo majy. Raha tiantsika ho noely mandrakariva ny fiainantsika dia aoka isika ho feno hafaliana sy haravoana ary hahafoy. Raha mahafoy tokoa isika dia araky ny voalazan'ny vakiteny faharoa dia iray lova sy iray tena ao amin'I Kristy "*Ny Jentily dia tonga iray lova sy iray tena ary mpiombona ny fampanantenana amin'ny Jody ao amin'i Kristy Jesoa, noho ny ninoany ny Evanjely."* izany hoe Olo Aaraiky isika Jiaby ao amin'I Kristy ka hiroso lalindalina kokoa amin'ny fiainana maha Kristianina katolika aho izany hoe katolika aho ka halaliniko ny finoako, katolika aho ka iainako izay inoako, katokika aho ka raisiko an-tànana izay inoako, katolika aho ka ho zaraiko amin'ny hafa ny finoako, katolika aho ka hankalazaiko izay inoako ka tanteraka tokoa ny maha generation mpanorina antsika.

Ry Jesoa Tompo ô, tsy olom-bitsy no antsoinao hanatona anao fa ny olon-drehetra eto ambany masoandro, solontenanay ireo majy, indreto izahay miara-miatrika izao SINAODY FAHA-enina è IOMBONANAY AMIN'NY SINAODY ERAN-TANY ka ampio mba hanaraka ny fampianaranao, hanatanteraka ny sitraponao, ianao no kintana mitarika anay amin'ny fiainanay, ampio izahay amin'ny vavaka sy dinika ataonay manomboka any amin'ny fianakaviana "eglizy kely" hahita anao mandrakariva ka hahatonga anao hahafoy ho an'ny hafa, hikatsaka ny soa iombonana ka ho generation mpanorina izahay, ho Eglizy Olona Velona sy Eglizy Tranon'Andriamanitra; Masina Maria teo ianao raha tonga ireo Majy ka nandray azy ireo. Raiso ary ento any amin'I Jesoa na dia tsy mendrika aza izay ezaka ataonay amin'izao sinaody izao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Eran-tany matoky ny fiarovanay izay satria maro ny zavatra mifamahofaho amin'ny fiainana. Mila Baba izao andro izao hoy ny Papa. Ampio ireo Tompon'andraikitra isan-tsokajiny fa indrindra ireo Mpikaroka ho tartin'ny Kintana dia I Jesoa ka ho vonona hanatanteraka ny politika lavorary di any fanompoana sy ny fahafoizana eo am-pikatsahana ny soa iombonana sy eo am-panjakana ny rariny sy ny hitsiny, dia hiadam-pinaritra izahay. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson